## Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Maromaro ireo olon'ny fitondrana nanondrana sy manondrana**

## Asan-jiolahy, Toamasina 6
**Mihorohoro ny mponina any Antsarakofafa**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 15 oktobra 2022 Laharana 1357 Vidiny : **600 Ar**


**5 taona ny nahalasanan'ny filoha Zafy** 3

Toa niara-maty taminy ny fahamarinana sy ny fahafahana ary ny fampihavanam-pirenena


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Birao politikan'ny TIM 2

# Mikorontana tanteraka ny fanavaozana faobe ny lisi-pifidianana



### Raharaha OMDA 6

# Lasa ministeran'ny sorisory ny ministeran'ny serasera



### 64 taona ny Repoblika Malagasy 2

# Voahosihosy ny sata Repoblikana



### Mandrosoa, kaominina Ivato 7

# Vita tanteraka ny lalankely nampijaly ny mponina



**Qualification CAN U23** 5

Ireo mpilalao hiatrika ny lalaon' i Madagasikara sy Gabon

**CAN Beach Soccer Mozambique** 5

Fantatra ireo mpilalaon'ny Barea 14 voatazona

**Daka kely**



Tsy mitrongy vao homana fa tena mitrosa vao homana ny pokona rehetra amin'izao ry Boaikely a !

64 TAONA NY REPOBLIKA MALAGASY

# Voahosihosy ny sata Repoblikana

Ny 14 Oktobra 1958 no nijoro ny Repoblika malagasy voalohany, tao amin'ny Amphitheatre n' Lycèe Galieni Andohalo no nanambarana izany,izay tsiahivina fa vokatrin'ny fitsapankevibahoaka nampanaovin'ny fitondrana frantsay no nampijoroana io repoblika voalohany io.
Novaliana tamin'ny ''eny '' na ''tsia'' tamin'ny 28 Septambra 1958 ny fanontaniana manao hoe : ''ekenao ve ny repoblika anaty firaisambe frantsay ?'', nandresy ny ''eny '', toy ny tany amin'ireo firenena afrikana zanatany frantsay izay samy nanaovana fitsapankevibahoaka avokoa.
Efa tafajoro ny repoblika izay vao nirosoana ny fitakiana ny fahaleovatena, izay niverina tamin'ny 26 Jona 1960.
Raha tsorina sy atao mahitsy filaza ny antsoina hoe repoblika dia rafi-pitondrana izay manome lanja ny fifidianana, ka ny mpitondra dia tokony ho olona voafidimbahoaka ara-dalana.
Efa repoblika fahaefatra isika izao saingy ny mampisitribelona dia ity repoblika fahaefatra iainantsika ity no fositra indrindra, satria ny fomba nandaniana ilay lalampanorenana tamin'ny fitsapankevibahoaka dia fifidianana petatoko feno hosoka, hatramin'ny karapokotany aza nahafahana nifidy tamin'izany,ny fifidianana nifanesy teto amin'ny firenena nandritr'izao repoblika fahaefatra izao indrindra ny taorian'ny taona 2018 dia nanjakan'ny hala-bato bevata, ny Filoha lefitrin'ny Ceni Thierry Rakotoniarivo izay nijoro nilaza ny marina dia noterena nametrampialana.
Ho tanterahina amin'ny taona 2023 indray ny fifidianana Filoha sy Ben'ny tanàna, hanaraka eo ny fifidianana solombavambahoaka, kanefa dia io iarahamahita io fa vao mainka tsy azo antoka noho ny teo aloha ny



Ny Lycee Galieni, na Lycee Andohalo.

''Ceni'' sy ''Hcc'',
Feno 64 taona omaly 14 Oktobra 2022 ny nijoroan'ny Repoblika voalohany, efa repoblika maro no nifandimby teo,ary anterina indray f'ity fahaefatra ity no tena nanosihosy ny sata repoblikana, satria nanjakan'ny hoso-pifidianana be indrindra ary manao tsinontsinona ny vahoaka maharepoblika ny repoblika, satria maro ireo fifidianana ben'ny tanana tokony naverina, kanefa dia tsy miraharaha izany ny fitondrana, ny fifidianana eny anivon'ny faritra sy ny faritany dia maty momoka fa dia governora toy ny tamin'ny andron'ny fanjanahantany no tendren'Ingahy Filoha, hitondra ireo faritra.
Mila mandinika sy mamakafaka ny vahoaka tompompahefana izay maharepoblika ny repoblika, satria efa tsy mihoatra ny kapoaka ankehitriny, 64 taona taorian'ny nisian'ny fitondrana nambara ho repoblikana teto amintsika.

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Maromaro ireo olon'ny fitondrana nanondrana sy manondrana


Miha- maro tato ho ato ny raharaha hafahafa na afera mahavoatonona depiote eto amintsika, na ny mpiara-miasa amin'izy ireo. Misy fanamparam-pahefana, kolikoly, tsy fahaiza-miaina amin'ny fiarahamonina, fangalarana ankitsirano fotsiny izao, sns… Miteraka ahiahy sy savorovoro any anaty fiarahamonina ireny, satria toa ny noheverina fa ray amandreny, fahefana mpanao lalàna indray no manondrana sy sanatria manome ohatra ratsy ho an'ny vahoaka. Ny mpanao lalàna tokoa no lasa ohatra ratsy mandika lalàna, ka tena maha-sarompiseranana sy mampikorosy fahana ny fiarahamonina eto amintsika. Hivory ara-potoana faharoa hanomboka ny talata ho avy izao ny Parlemanta eto amintsika dia ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena, koa dia samy miandry ny rehetra hoe inona ny fanazavana, inona ny zavamisy marina, ahoana ny hevitry ny birao maharitry ny Antenimierampirenena, mahakasika ireny olom-boafidy nanondrana sy manondrana ireny. Mbola mahalala tsara ny andraikiny ihany ve ny solombavambahoaka, sa efa lasa mpandraharaha, mampiasa fahefana hanindriana bokotra sy hangoronan-karena fotsiny sanatria ? Tokony hanokafana fanadihadiana sy famotorana izy ireny, ary tokony hoesorina ny zo maha-tsy maty manota azy na immunité, rehefa ho hita tokoa fa meloka. Tsy ny depiote sy ny mpiara-miasa aminy ihany no manondrana amin'izao fitondrana Rajoelina izao, fa na olom-boafidy izay, na olom-boatendry dia samy manao ny ataony avokoa. Saika isan-kerinandro izao dia ahitana zavatra tsy mety na « scandal » foana ao anivon'izao fitondrana izao. Io, ny lohany mihitsy no matsatso sy filamatry ny aty ambany, koa tsy mahagaga raha mitranga hatrany izany zava-tsy manjary isan-karazany ao anivon'ny fitondrana izany. Dia ny tena no menatra hoy ilay fomba fiteny izay.

**Stefa**

Birao politikan'ny TIM

# Mikorontana tanteraka ny fanavaozana faobe ny lisi-pifidianana

Nanao fanambarana ny birao politikan'ny antoko TIM, notarihan'ny sekretera jeneraliny Rina Randriamasinoro tamin'ity herinandro ity, mahakasika ny fanomanana fifidianana. Nilaza izy fa : "mialohan'ny hanaovana ny "refonte" na fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana dia efa nisy ny fihaonanay tamin'ireo tompon' andraikitry ny CENI, nanomezana sosokevitra amin'ny hanaovana izany. Araka ny tatitra sy fitarainana avy amin'ireo tompon'andraikitra solontena



Ireo avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM.

eny ifotony anefa, dia tsy mandeha araka ny tokony ho izy fa mikorontana tanteraka izany, ary raha izao no mitohy dia maro ireo tsy ho tafiditra any anaty lisipifidianana, ary maro koa ireo tsy tokony ho ao intsony kanefa mbola ho tavela ao. Tsy ho tombana io lisitra io ary tsy hisy ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra rah any zava-misy amin'izao fotoana. Ny antoko TIM dia milaza fa tsy hiray petsapetsa ary tsy tompon'antoka amin'ny fanomanana ny lisi-pifidianana tsy tombana izay havoaka eo, ary mbola manamafy fa tsy misy afa-tsy ny "concertation nationale", na fikaonandoham-pirenena ihany no vahaolana ho tombontsoan'ny vahoaka malagasy, sy ho tombontsoa ambonin'ny firenena.

**Isambilo**

Zazah Ramandimbiarison

# Mampalahelo fa miha-malaza ratsy hatrany i Madagasikara

Miha- ratsy dia ratsy hatrany amin'ny andrimpanjakana rehetra any hoy ny Praiminisitra lefitra teo aloha Zazah Ramandimbiarison. Ny fampandrosoana an'ity tanindrazana malalantsika ity dia voatohintohina noho ny haratsian'ny fampiharana ny demokrasia, noho ny fanjakana ratsy tantana, noho ny kolikoly avo lenta, noho ny asa ratsy ataon' ireo dahalo, jiolahy ambony latabatra tsy maty manota. Ny tsy fisian'ny fanjakana tan-dalàna dia nanome vahana ny firongatry ny tambazotran-jiolahy voarindra. Voarindra sy voalamina, indrisy eny anivon' ny andrim-panjakana mihitsy aza; tambazotran-jiolahy misehatra amin'ny karazana asa maloto isankarazany: fifanarahana amin'ny fanjakana amin' ny fanaovana fotodrafitrasa izay foromporonina fotsiny, famoahana volam-panjakana tsy misy porofo mazava ny asa vita, halatra omby, fakana an-keriny zaza, fakana an-keriny tovovavy, fanondranana fitaovam-piadiana, fanondranana olona, fivarotana ny tany manam-tompo, fanondranana an-tsokosoko ny harena an-kibon'ny tany (volamena, vatosoa...), sy fanondranana an-tsokosoko ny ala eto amintsika, ny fanaparitahana sy ny fivarotana rongony sy zava-mahadomelina, ny famotsiam-bola maloto



Ny Praiminisitra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.

avy any ivelany. Noho ny tsy fisian'ny fanjakana tan-dalàna, nitombo ny fivarotana sy ny fanondranana rongony, sy zava-mahadomelina tato anatin'ny taona vitsivitsy. Lasa foiben'ny trafikana rongony i Madagasikara. Araka ny voalazan'ny "Global Initiative against Transnational Organised Crime". Ny fanadihadiana iraisam-pirenena no nahafantarana, fa mandalo eto Madagasikara ireto rongony mahery vaika ireto ary aparitaka an-dranomasina na an'habakabaka an-tsokosoko. Noho ny tsy fisian'ny fanjakana tan-dalàna dia miparitaka eto amin'ny firenena ny vola maloto azo avy amin' ny asa ratsy sy tsy mazava ny fiaviany. Araka ny tatitra isan-taona 2022 nataon'ny "Basel Institute of Governance", fikambanana tsy miankina amin' ny fanjakana any "Suisse", dia laharana faha-5 i Madagasikara amin'ireo firenena 128 voatombana fa mety misy an'izany vola maloto izany. Noho ny tsy fisian'ny fanjakana tan-dalàna dia tsy lazaina intsony ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, tsy lazaina intsony ny fanodinkodinam-bolam-panjakana, miliara ariary maromaro eny anivon' ny andrim-panjakana rehetra andaniny, ankilany ny solombavambahoaka sasantsasany, izay tokony hijoro anara-maso ny asan' ny mpanatanteraka dia tsy manaja ny lamina repoblikana intsony, fa manararaotra manampatra fahefana, ka mijoro ho fahefana mpanatanteraka mihitsy entiny hitadiavany ny tombontsoany manokana, hanaovana raharaha maloto, indrindra indrindra any amin' ny faritra lavitra ny fanjakana, fanjakana izay efa tsy atokisan'ny maro intsony. Ny zavatra hita sady mitohaka amin-tenda eto amin'ny firenena dia ireo olombe tompon'andraikitra voalohany amin'ireo asa ratsy maloto voatanisa ireo, olombe mitarika ny tambazotran'ny olona ratsy, olombe tsy enjehin'ny mpampihàtra lalàna mihitsy, olombe tompon'andraikitra amin'ny fandrobana sy famotehana ny firenena dia miaina ao anatin'ny tsimatimanota tanteraka. Tsy zakan' olom-pirenena intsony ny zava-misy iainana eto amin'ny firenenana ankehitriny. Tsy rariny intsony. Aoka izay, hoy ity Praiminista lefyrra teo aloha ity.

**Nangonin'i Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### 5 taona ny nahalasanan'ny filoha Zafy

# Toa niara-maty taminy ny fahamarinana sy ny fahafahana ary ny fampihavanam-pirenena

Afak'omaly 13 Oktobra 2022 no feno dimy taona katroka ny nahalasan'ny Filoha Zafy Albert, ny 13 Oktobra 2017 izy no nodimandry tatsy amin'ny Nosy La Reunion, satria nalefa notsaboina tany izy rehefa nolazoin'ny aretina teto antanindrazana.

**NY FILOHA ZAFY ALBERT MPITSABO**

Niofana ho mpitsabo izy ary anisan'ireo mpitsabo mpandidy nampiaiky ny vazaha sy ireo afrikana niaranianatra taminy, nanavanana azy ny fandidiana momba ny taolana, ny taovampisefoana ary izy no manampahaizana taty amin'ny kaontinanta afrikana nahavita nanolo ''pile'' nampandeha ny fo ho an'ireo nila izany, fa ny tsy azo amaivanina nandritra ny fotoana nanaovany ny asa fitsaboana dia zara Ny Pr Zafy Albert raha maka vola amin'ny olona tsaboiny na didiany, matetika aza tamin'ny fotoana nandehanany nitsidika faritra maro teto amintsika, izay nanarabiana azy ho mpanao ''Madaraid'', dia mbola mirotsaka mandidy any amin'ireo hopitaly andalovany izy raha sendra nisy ny marary nila fandidiana maika ary maimaimpoana ny nanaovany an'izany.

**TEO AMIN'NY SEHATRA POLITIKA**

Tamin'ny taona 1972 no notendren'ny Jeneraly Ramanantsoa ho minisitra niadidy ny raharaha sosialy nisahana momba ny fahasalamana sy ny mponina ny Pr Zafy Albert, rehefa rava ny fitondrana notarihin'ny Jeneraly Ramanantsoa dia nangina nandritran'ny taona maro ny Pr Zafy, fa taorian'ny naharavan'ny mandatehezampirenena miaro ny tolompiavotana izay nampalalaka ny fananganana antoko politika dia niverina teo amin'ny sehatra politika indray izy, ary nanangana ny antoko Undd, iray amin'ireo antoko mpikambana tao amin'ny Hery Velona, nitarika ny hetsika teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey nitakiana ny fananganana ny Repoblika fahatelo.

Nandray anjara tamin'ny diabe nankeny amin'ny Lapan'Iavoloha ny Pr Zafy ny 10 Aogositra 1991, ary vokatr'izay tolombahoaka izay dia ny Pr Zafy Albert no neken'ny fifanarahana 31 Oktobra1991 nosoniavina tetsy amin'ny Panorama Andrainarivo, ho Filohan'ny Fahefana Avompanjakana, izay fahefana faratampony tamin'izany .

Lanimbahoaka tamin'ny fitsapankevibahoaka aradalana ny fijoroan'ny Repoblika fahatelo ary voafidy ho Filohan'ny Repoblika Ny Pr Zafy Albert ny taona 1993, kanefa dia tratran'ny fampiatoana tamin'ny taona 1996, nisy indray ny fifidianana ka ny Amiraly Ratsiraka no voafidy sy tafaverina teo amin'ny fitondrana.

Taoriana ny zavadoza niseho tamin'ny taona 2009, dia nijoro indray ny Filoha Zafy Albert nandritran'ny fihaonan'ireo Ankolafy efatra notarihin'ireo filoha voafidimbahoaka telo dia Ratsiraka sy Zafy ary Ravalomanana sy ny filoha nandroba fahefana tamin'izany dia i Rajoelina, ny fihaonana tany Addis Abeba no nametrahana ny Pr Zafy Albert ho filohan'ny Filakevimpirenena momba ny fampihavanana, kanefa dia tsy tanteraka izany satria notsipahin'Ingahy Rajoelina ny fifanarahana ''Maputo'' na dia efa nosoniaviny aza.

**TRATRA NY HERISETRA HATRANY NY FILOHA ZAFY ALBERT**

Nahasahy nijoro hatrany tamin'ny fiarovana ny fahamarinana ny Filoha Zafy Albert,nisy ny fampahafantarana ampahibemaso nataony tetsy amin'ny ''Carlton'' Anosy,nilazana ny fisian'ny fanondranana antsokosoko ireo andramena, ka ny havana akaikin'ny mpitondra tamin'ny tetezamita izay mpitondra amin'izao fotoana izao no tompon'andraikitra tamin'izany, nametraka fitoriana teny amin'ny ''Bianco'' sy ny fitsarana Ny Filoha Zafy Albert momba io raharaha io, kanefa dia nambaran'ny fitsarana fa tsy azo noraisina ny fitoriana, tsy vitan'izany fa mbola tratran'ny fanapoahana baomba mandatsadranomaso ny Filoha Zafy Albert tamin'izany.

Ny 17 Janoary 2012 raha nikasa hametraka fehezamboninkazo tao amin'ny ''kianjan'ny demokrasia '' tetsy Ambohijatovo ny Filoha Zafy Albert mivady, dia voarara tsy afaka niditra tao, fa teo ivelany no napetraka ilay fehezamboninkazo, fa ny tena zavadoza dia mbola narefotra indray ny baomba mandatsadranomaso,ka tratran'izany izy mivady, izay marihina fa 85 taona ny Pr Zafy tamin'izany .

**NY FILOHA ZAFY SY NY TANANAN'ANTANANARIVO RENIVOHITRA**

Ramatoa Lalao Ravalomanana Ben'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra tamin'ny fotoanandro, dia nanome lanja ny zavabitan'ny Filoha Zafy Albert,ka nampitondra ny anaran'ny Filoha Zafy Albert ny lalana mandalo eo amin'ny Kianjan'Alarobia sy ny ''Villa Elizabeth'' ary ny ''Villa La Franchise'' eny Ivandry,ny tenandRamatoa Ben'ny tanàna mihitsy no nitokana ny lalana sy ny sary vongana tamin'izany, dia mba nandray fanapahankevitra koa Ingahy Mera Vazahabe nametraka ny tsangambaton'ny Filoha Zafy Albert ao anatin'ny Kianjan'Ambohijatovo, kanefa dia zary fandatsana ihany izany, satria ilay kianja tsy navela nidiran'ny Pr Zafy mivady raha nikasa hanatitra fehezamboninkazo dia vao mainka lasa kianja voarara ankehitriny, ilay kianja nambaran'ny filoha ankehitriny hoe ''kianjan'ny demokrasia'', indrisy fa mampigadra ny miantso vahoaka haneho hevitra ao.

.Feno dimy taona ny nahalasan'ny Filoha Zafy Albert, indrisy fa toa nalevina niaraka taminy koa ny fahamarinana izay nijoroany fatratra , ny fahafahana izay nimatimatesany tanteraka ary ny fampihavanampirenena izay nilofosany andro aman'alina, raha mandinika ny ataon'ireo izay nahazo fahefana ankehitriny, tsy atao mahakivy anefa izany satria tsy ny fositra akory no tsy ambolemboavahy hoy ny fahendrena malagasy, ary tsy maro an'isa akory ireo nahazo fitondrana ireo, satria mbola maro ireo mpiray tanindrazana amintsika manampanahy, manampitiavantanindrazana mbola vonona hijoro handrava ny tsy rariny ary sahy hanohy izay nisasaran'ny Fioha Zafy Albert, ka ny fanatanterahana ny fikaonandohampirenena no dingana voalohany amin'izany .

***Ny Valosoa***

Hadalana ataon'ny depiote sasany

# Andrasana ny lahateny hataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena

Handrasan'ny rehetra ny kabary fanokafana hataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, manoloana ireo hadalana samy hafa ataon'ireo depiote. Araka ny andininy faha-75 voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana dia mivory indroa isan-taona ny Antenimierampirenena, ka ny fivoriana faharoa amin'izany dia ny talata fahatelo amin'ny volana ôktôbra, izany hoe ny talata 18 ôktôbra amin'ity 2022 ity, fivoriana izay natao indrindra handinihana ny tetibolam-panjakana ho amin'ny taona manaraka dia ny 2023 izany. Ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana dia ho tanterahina eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza amin'io talata 18 ôktôbra 2022 io, hanomboka amin'ny 11 ora maraina. Handrasan'ny maro fatratra ny kabary fanokafana hataon'ity PAN ity amin'izany eo amin'ireo raharaha mavaivay eto amin'ny firenena, sy eo amin'ny toe-draharaha mafanafana eny anivon'ny rafitra mpanao lalàna ity, raha tsy hiteny afa-tsy ny fifanamelohan'ireo depiote voafidy tany Bekily sy tany Betroka, ho dahalo, sy ny raharaha fanaovana taratasy fanondranana hazo sarobidy nataon'ny depiote voafidy teto Antananarivo II, sy ny raharaha mahavoasaringotra ny depiote voafidy tany Soalala, sy ny raharaha hafa...

***Rainilita***



*Razanamahasoa Christine Filohan'ny Antenimierampirenena.*

## TONONKALO

### Ilay fanondrotana karama tsy fahita eran-tany

Fanondrotana karama tena tsisy tokontaniny ?
Mariky ny tsy fahaizany sy `reo olona eo ambaniny.
Midi-kizo ny mpitarika izay tsy dia manadihady,
Ka manolo-bahaolana mampivarina any an-kady !

Fanondrotana karama kilalao sa vazivazy ?
Sa ny laza ho an`ny tenany , izay no mahadodona azy ?
Ny mpisehatra rehetra , tsy afaka naneho safidy,
Fa ny loha efa matsatso no avy hatrany dia nandidy !

Fanondrotana karama toa vao mainka hampidi-doza.
(Mariky ny fitantanana efa mitsingozahoza!)
Ny mihoerahoera hatrany no mba tiany sady maminy,
Fa ny tombontsoan`ny mpiasa , tena tsisy vidiny aminy !

Fanondrotana karama mbola tsisy teto an-tany.
Tena vitsy ireo "tsy miankina" izay nisitraka an`izany,
Fa napetraka ho teny ka dia indro fa nanidina ,
Ary hisy tsy ho ela ny karama izay haidina !

Fanondrotana karama "mampihomehy" raha toa adika.
Tena lasa famitahana ny fanaovam-politika !
Akaiky ve ny fifidianana dia manondrana ny ngeza ,
Ka mamoron-teti-dratsy hoenti-manamafy seza ?

*IRINA HO TAFITA (14-10-22)*

**ANTOKO UNDD**

# Fanaterana fehezam-boninkazo no nanamarihana ny faha-5 taona nahafatesan'ny filoha Zafy

Niara- nametraka fehezam-bonikazo tetsy amin'ny tsangam-baton'ny filoha Zafy Albert, etsy amin'ny kianjan'i Ambohijatovo, ny mpikambana eo anivon'ny antoko Undd, sy ny mpanara-dia y filoha Zafy Albert, notarihin-dRamatoa Therese Zafy ny alakamisy maraina, nentina nanamarihana ny faha- 5 taona nahafatesan'Itompokolahy. Nilaza Andriamatoa Manoro Regis, mpitarika ny antoko Undd, fa miezaka mihazona an'ilay foto-kevitra nahafantaran'ny olona an'i Profesora Zafy Albert ny antoko Undd, ao anatin'izany ny fivoizana ny fampihavanam-pirenena, ny fanamafisana ny fandalana ny Demokrasia, ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana tena izy eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Nanamafy Andriamatoa Manoro Regis, fa ireo foto-kevitra ijoroan'ny antoko Undd ireo, no fototry ny fisian'ny fampihavanam-pirenena eto amin'ny firenena ary mandeha tsikelikely ny fampivoarana mankany amin'ny Demokrasia eto Madagasikara, hoy ity farany, fa tsy ho vita indray andro akory .

***Franck Razakambelo***



*Ny tsangambaton'ny filoha Zafy Albert etsy Ambohijatovo.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Foto-drafitrasa lalakely vitan'ny kaominina Ivato any Mandrosoa.**









**Mitohy hatrany ny fanavaozana ny lisitry ny mpikambana amin'ny antoko TIM ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Mitety vohitra ny biraon'ny DisTim manatanteraka izany.**





**Ireo avy amin'ny sendikan'ny mpiasa Fisemare nitafa tamin'ny mpanao gazety.**





## NY TENY FIAINANA

*Ary hoy koa Absaloma: enga anie ka izaho no voatendry ho mpitsara amin'ny tany, ary ho avy atỳ amiko ny olona rehetra izay manana ady sy teny hotsaraina, dia homeko rariny izy !*

***II Samoela 15: 4***

« QUALIFICATION CAN U23 »

# Ireo mpilalao hiatrika ny lalaon'i Madagasikara sy Gabon



Navoakan'ny mpanazatra Rabearisoa Herimanitra ankehitriny ny lisitr'ireo mpilalao 23 voaantso handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy Barea U 23 amin'ny lalao fifanintsanana ny CAN U 23 hifanandrinan' ny Barea U 23 amin'ny Gabon U 23 (21 - 23 ny lalao mandroso ary 28 - 30 ôktôbra 2022 ny lalao miverina ) : Mpiandry harato : Enzo (Dijon Fc France), Tsanta (Jet Kintana M/car), Cleever (Tia Kitra Fc M/car). Vodilaharana : Claude (Zanakala Fc M/car), Lalane (Uscafoot M/car), Mick (Aubagne Fc Fra,nce), Matis (Racing Letzebuerg Luxembourg), Mahay (Mama Fc M/car), Issouf (Jtm FC M/car), Tony (Fk Usti Nac Labem Répuclique Tchèque), Elisco (Elgeco Plus M/car). Irakiraka : Kalvin (FcDeols France), Mamisoa (Elgeco Plus M/car), Efraima (Zanakala Fc M/car), André (Fosa Juniors Fc M/car), Alex (Us Colomiers France), Fabio (Mama Fc M/car), El Hadary (St Michel United Sechelles). Lohalaharana : Delgado (Aubache Fc France), Ryan Hery (Disciples Fc M/car), Toky (Cosfa M/car), Arnaud (El Gouna Fc Egypte), Seha (Olympique de Marseille France).

***Rainilita***

CAN Beach Soccer Mozambique 2022

# Fantatra ireo mpilalaon'ny Barea 14 voatazona

Fantatra ihany koa ankehitriny ireo mpilalaon'ny Barea Beach Soccer miisa14 voatazona mbola hanohy ny fampivondronana any Mahajanga taorian'ny sivana voalohany natao. Ampahatsiahivina fa miisa 12 izy no handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny Beach Soccer hihazo an'i Mozambika. Izany hoe mbola misy mpilalao 2 hafa hihintsana indray izany aorian'ny sivana faharoa hatao. Ny anaran'izy 14 mirahalahy : Mpiandry harato : Rafalimanna Jhorialy, Ramanantsoa Rolland Honoré, Raharison Jacques. Vodilaharana : Rakotomalala José Orlando, Domoina Mamy Fabrece Eric, Richard Marcel. Irakiraka : Razafimandimby Ymelda, Andriamampandry Tokindrainy Francegal, Rafidison Aimé "Pako", Fidison Camara, Fof o Alexandre. Lohalaharana : Endel Régis, Razafimahatratra Flavien, Jinidy José Justin.



***Barea Beach Soccer 2022.***

***Rainilita***

Rugby Africa Women's Cup Qualifications (GC)

# Tunisie mpampiantrano sy Sénégal no nanokatra azy omaly

Nanomboka omaly zoma 14 oktobra 2022 tolakandro tao amin'ny kianja "El Menzah Rugby Stadium" ny fifaninanana rugby "Rugby Africa Women's Cup Qualifications" ao amin'ny vondrona C misy ny Ladies XV Malagasy ka ny ekipan'i Tunisie mpampiantrano sy ny ekipan'i Sénégal no nanokatra an'izany tamin'ny fomba ôfisialy. Amin'ny talata 18 oktobra 2022 tolakandro kosa no hiditra an-tsehatra, ao amin'ity kianja ity hatrany, ny Ladies XV Malagasy ka hikatroka amin'ny ekipan'i Sénégal. Amin'ny sabotsy 22 oktobra 2022 kosa izy ireo no hifandona amin'ny ekipan'i Tunisie ao amin' ity vondrona ity. Marihana fa amin'ny 25 ôktôbra 2022 ka hatramin'ny 02 novambra 2022 no hifampitana ireo ao amin'ny vondrona B misy an'i Ouganda, Kenya ary Zambie ary amin'ny 04 nôvambra 2022 ka hatramin'ny 12 nôvambra 2022 no hanatanterahana ny ao amin' ny vondrona D.




***Rugby Africa Women's Cup 2022.***

***Rainilita***

Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar

# Tifitra isa 3 sy Lalao "All star" no namaranana azy

Nifarana tamin'ny alakamisy 13 ôktôbra 2022 ny fiofanana Fiba Africa Regional Youth Camp natao teto Madagasikara nandritra ny 3 andro (11 au 13 Oct 2022) ho an'ireo Tanora mpilalao basketball Zazalahy sy Zazavavy niisa 45 avy amin'ny Firenena miisa 19 eto Afrika ka nokarakaran'ny FIBA Afrique sy ny NBA. . Namaranana ny fiofanana dia nisy ny fifaninana tifitra isa 3 teo amin'ny sokajy Zazalahy sy Sokajy Zazavavy ary koa ny Lalao "All star" ho an'ny Sokajy anakiroa mpandray anjara . Ireo nisitraka amboara : Sokajy vehivavy : -MVP : Raharitiana Chamirah Rodin -Tir à 3 points : Randrianasolo Hanitriniaina Nanah - All star 5 : Raharitiana Chamirah Rodin, Rakotonirina Mianjasoa Koloina Fiderana, Volahasina Louise Francette, Randrianasolo Hanitriniaina Nanah, Ratsimason Fitahiana Voary. Sokajy lehilahy : -MVP : Andrianjatovo Fenofitia Loic, -Tir à 3 points: Rabibisoa Jerry Pepin, -All star 5 : Andrianjatovo Fenofitia Loic (MAD), Tchamala Prise (RD Congo), Motondondo Michel (RD Congo), Inaćio Anatole (Angola), Majok Paulino (South Soudan).

***Rainilita***




***Mpandray anjara Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar 2022.***

Ligue des champions malagasy D-2 Nationale 2022

# Niatrika « cours de recyclage » ireo mpitsara

Nialohan'ny nanombohan'ny fifaninanana baolina kitra dingana faha II amin'ny « Ligue des champions mala gasy – D-2 Nationale 2022 » tamin'ny omaly zoma 1 oktobra 2022 dia niatrika « Fitness test » sy « cours d recyclage », tao amin'ny kianja « Stade Moderne d'Am pasambazaha » ireo mpitsara lalao hiandraikitra izan any Fianarantsoa. Izao no natao dia ny mba hirindran'i fifaninanana ity amin'ny tokony hieverana azy.

***Rainilit***



***Ny hitsara lalao any Fianarantsoa.***

RAHARAHA OMDA

# Lasa ministeran'ny sorisory ny ministeran'ny serasera



Ireo artista teny Faravohitra.

Raharaha OMDA, namalan-kira ny ministra Lalatiana, hoy ireo artista mpikambana ao amin'ity ôfisy mpiaro ny zon'ny mpamorona ity. Tsy naharitra intsony ny fianakaviamben'ny mpanakanto teny Faravohitra ny alakamisy lasa teo, ka dia niantsoantso nanao hoe: Prezida o! Saraho! Saraho! misy ratsy fanahy ao! Tsorina fa ny minisitry ny serasera sy kolontsaina Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy, no lazain'izy ireo mivantana amin'izany, manimba endrika mihitsy ka tokony sarahana amin'izy ireo, satria be loatra ny politikan'ny antoko Freedom amin'izy ireo sy ny OMDA iray manontolo amin'ny ankapobeny, ka miteraka fisaraham-bazana eo amin' ny zava-kanto sy kolontsaina mihitsy aza.
Tsy mbola nandray ny tambin-karamany ireo artista hatramin'ny volana febroary , tsy voahaja ny kalandrie fandraisambola, very laza ny sehatry ny kolontsaina, hira sy vazo sy ny sisa... ka mahatonga azy ireo hilaza fa tokony sarahana ho ministera roa (2) samy hafa mihitsy aza, satria efa tsy zakany intsony ary tokony hakatona vonjimaika aloha ny Omda, mandrapahalany ny fanavaozana ny tolo-dalàna mety sy mahasoa eo indray. Very Zo tanteraka ny mpanakanto hoy izy ireo, nefa na ny asa serasera aza etsy ankilany dia efa nandeha lalan-tsarotra ihany koa raha ny voalazan' ireo tao amin'ny cellule de crise, izay mbola hita sy tsapa fa fisarahana mibaribary eo amin'ny samy mpanao gazety sy ny holafitra mihitsy koa : "Tsy ny hira ihany no mivalana eto hoy ny maro; fa ny serasera koa lasa sorisory " ka manahirana. Nanambara mihitsy ireo mpanakanto, fa ny ministera MSK dia efa lasa ho Ministeran'ny Setrasetra sy ny Kakay mihitsy.

**Beharo**

14 oktobra 1958

# Nankalazaina tany Mandritsara ny andron'ny Repoblika Malagasy

Nankalazaina tany Mandritsara faritra Sofia omaly 14 oktobra ny andron'ny Repoblika Malagasy, izay nijoro tamin'ny 14 oktobra 1958. "Mitaky fandraisana andraikitra", io no lohahevitra ho an'ny distrikan'i Mandritsara nanamarihana izany faha-64 taona nahaterahan'ny Repoblika teto Madagasikara. Anisan'ny faritra mihetsika mankalaza azy ity isan-taona ny any amin'ny faritra Sofia. Ho an'i Mandritsara manokana dia nisy ny lanonana nentina nanamarika izany notarihan'ny lehiben'ny distrika Velomaro L'Faustin. Notronin'ny solombavambahoaka voafidy tany Mandritsara Rasolomanana Beby Olivier. Nanome voninahitra azy ity koa ny zafikelin'ny Filoha Philibert Tsiranana : Eliana Bezaza, Filoha Mpanorina ny PSD (Parti Social Démocrate). Marisarisa ny fankalazana izany eto Madagasikara ankehitriny. Mahatsapa irery ireo sojabe any an-toerana manoloana izany, ka mangataka ny hanomezana lanja, andro lehibe ho an'ny firenena azy ity. Tetsy ankilany ny depiote nampahatsiahy fa tokony hapetraka ny fahafahana tena izy.



Ny fankalazana ny 14 oktobra 1958 tany Mandritsara faritra Sofia.

**Isambilo**

"CHAN Algérie 2022"

# Ny kianja Chahid Hamlaoui any Algérie no hanazatra tena ny Barea



Ny Kianja Chahid Hamlaoui any Algérie.

Ao amin'ny kianja Chahid Hamlaoui any Algérie ny Barea Chan no hanao fanazarantena mandritry ny fifaninanana "Chan Algérie 2022". Izy ity dia kianja nohavaozina manokana mihitsy handray ny CHAN 2022 izay hanbomboka amin'ny janoary 2023 ho avy izao. Toy izao ny mombamomba an'ity kianja Chahid Hamlaoui ity : -Gazon naturel, -Manana « 3 terrains d'entraînement », -Misy « 23000 nouveaux sièges », -Manana « 26 portes d'entrée électroniques », -Ahitana « Ecran géant 84 m2».

**Rainilita**

Asan-jiolahy

# Mihorohoro ny mponina any Antsarakofafa Toamasina

Mihorohoro noho ny asan-jiolahy amin'izao fotoana ny any Antsarakofafa any Toamasina faritra Atsinanana. Araka ny vaovao voaray ny mponina any amin'ny Parcelle 21/54, amin'ny faritry ny Mosquée any an-toerana no tena iharan'izany tsy fandriampahalemana izany. Na dia teo aza ireo antso an-telefônina natao tamin'ny polisy sy zandary nanazavana zavatra misy, na dia teo aza ny fanatonana mivantana tany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana nanazavana ireo zava-misy, na dia teo aza ny famoaham-baovao tamin'ny Facebook sy Gazety dia tsy hita soritra ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana any Toamasina ao Antsarakofafa 21/54. Tsy misy patrouille. Sady faritry ny polisy no an'ny zandary izany toerana izany satria mampisaraka an'I Toamasina I sy Toamasina II. Saika isan'andro ny vakitrano sy fanafihana. Tsy vitan'ny mandroba fa mandratra sady mamono ireo jiolahy. Tao anatin'ny 1 volana, tokantrano manodidina ny 15 noravain'ny jiolahy. Ny alarobia hifoha alakamisy teo fotsiny ohatra dia olona 1 no naratra mafy voan 'ny vely famaky sy daka rangers. Vola volamena no lasa. Koa dia manaitra ny tompon'andraikitra ireo mponina hijery akaiky izao tsy fandriampahalemana misy ao amin'izy ireo izao.

**Niaina**




Olona nofirain'ny jiolahy ny antsy tany Antsarakofafa.

Baolina kitra vehivavy

# Nofohazina amin'izay ny tetikasa Concours Scolaire CAF U15

Hiverina hijery ny hanatanterahina indray ny tetikasa « Concours Scolaire CAF U15 - Football féminin » ny FMF. Raha tsiahivina dia tokony niantomboka ny taona 2021 izany tetikasa izany fa noho ny valanaretina nisy dia voatery naato aloha ka izao fohazina izao indray. Tamin'ny fiandoohan'ity herinandro ity dia nanatanteraka fivoriana niaraka tamin'ny DTN, Rasoanaivo Rado, sy ny filohan'ny Commission Football Féminin, Mme Sandrine Michela Andriatsimialona, ireo tompon'andraikitra eny anivon'ireo sekoly izay hiara-hiasa amin'ny FMF : CEG Nanisana, Collège de France, CEG Antanimbarinandriana, ESCA Antanimena, CEG 67 Ha, Collège Rasalama, CEG Analamahitsy, Collège St Michel Amparibe.

**Rainilita**



Ny DTN ao amin'ny FMF.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 08/10/2022 hatramin'ny 15/10/2022**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1357-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FISEMARE**

# Manohitra ny fampidinana karama amin'ny sehatra tsy miankina

Tsy mifanaraka tamin'ny fanambarana nataon'ny Filohampirenena, ny fanapahankevitra noraisin'ny Ministeran'ny vola sy ny Ministeran'ny asa, mikasika ny fampiharana ny didimpanjakana momban'ny karama farany ambany 250 000 Ar ho an'ny mpiasa eo amin'ny sehatra tsy miankina, satria voafetra ho an'ny taona 2022 ihany ny fampiharana an'ilay « Arrêté Interministeriel» momba ny karama 9.9%. Nilaza Andriamatoa Manandandro Jean Raphael Sekretera Jeneraly Fisemare, fa volan'ny mpiasa ihany no hamenoan'ny mpampiasa ny karama 250 000 Ar ho an'ny mpiasa, satria tsy hampidirin'ireto farany ao amin'ny kitapom-bolan'ny Cnaps intsony ilay sorabola « Part Patronal » mitentina 33 000 Ar ary mbola tsy fantatra mazava hatramin'izao hoe: ho fenoin'ny Ministeran'ny vola ve sa tsia ny sorabola « Rappel », izay banga eo anivon'ny fampidiram-bolan'ny Cnaps, manoloana ny fisian'ny « Part Patronal ». Nanamafy ny Sekretera Jeneralin'ny Fisemare, fa mamporisika ny fitondram-panjakana mba hitazona hatrany ny tahan' ny karama farany ambany ho 250 000 Ar ho an'ny mpiasa amin'ny taona 2023 ho avy izao, satria tsy mbola nisy an'izany karaman'ny mpiasa nidina izany teto Madagasikara ary manakorontana ny fitantanam-bola eny anivon'ny tokantranon'ny mpiasa ny fampihenana ny karama ho 217 000 Ar. Nanambara Andriamatoa Manandandro Jean Raphael, fa mampiady ny mpiasa samy mpiasa miaraka amin'ny mpampiasa ihany koa ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondram-panjakana mikasika ny fampiharana ny karama farany ambany, satria tsy voahaja intsony ny « Catégorie professionnelle ».



*Ireo mpitarika ny Fisemare nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

***Franck Razakambelo***

Kaominina Ivato

# Vita tanteraka ny lalankely nampijaly ny mponina teny Mandrosoa

Manao ny hezaka rehetra amin'ny fanalàna fahasahiranana ny mponina ao anatin'ny kaominina Ivato ny ben'ny tanana Penjy Randrianarisoa, izay lany tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM. Maro ny fotodrafitr'asa izay efa vitany izay efa notokanana satria araka ny nambaran'ny ben'ny tanana Penjy Randrianarisoa dia izay no antom-pisiany sy nifidianana'ny vahoaka azy. Ankehitriny, vita tanteraka ny asa fanamboarana ny lalankely eny Mandrosoa Ivato izay nampikaikaika ny mponina, nampanainga zipo isaky ny tonga ny fahavaratra, Mandeha koa ny asa eny amin ny fokontany K1 sy K5 izay lalana natao beton ihany koa. Ny route Principale eo Ivato sy ny ao amin ny fokontany K6 ihany koa dia ho vita tsy ho ela. Faly ny mponina ka nisaotra ny ben'ny tanana Penjy Randrianarisoa satria tena afa-pahasahiranana tanteraka izy ireo. Hitanay ianao Atoa Ben'ny tanana fa miasa ho an'ny vahoaka ao amin'ny kaominina Ivato, ka hirariana'ny hitohizan'ny fanamboarana foto-drafitr'asa toy izao hatrany. Ny ben'ny tanana moa dia nanambara fa kaominina Ivato mamiratra sy mandroso no tanjona, ka tsy mitsahatra isika hoy izy raha tsy tody hatramin'ny farany izany.


***Helisoa***


*Lalan-kely vita eny Mandrosoa Ivato distrikan'Ambohidratrimo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 408**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0407)

**Mitsivalana**
- Kilao – OF
- Ara – Ala
- Mamboly
- Bibilava
- Tanora (miv)
- No – Ana
- Amboa – Zo

**Mitsangana**
- Kambana
- Iray – OM
- Lamba
- Birao
- Olona
- Alàna
- Oliva
- Fa – Atao

## TENY MIFANAPAKA N° 408




**Mitsivalana**

**1.** Nanondrotra **2.** Eritreriny (miv) – Betsaka (miv) **3.** Voankazo – Milaza fananana **4.** Olo-masina katolika (miv) – Mampisafidy **5.** Taova – Nitay karama (miv) **6.** Aretina (miv) **7.** Sarin-jazakely **8.** Tany sy fanjakana (miv) **9.** Mando (miv) – Fitsakoana **10.** Loza mitranga – Kapoka, vely (miv)

**Mitsangana**

**A.** Marika nifanenjahana **B.** Rano raraka (miv) – Milaza fananana **D.** Mivezivezy tsy ampiheverana **E.** Voankazo – Reny (miv) **F.** Matanjaka – Rahalahin'i Kaina **G.** Mpanjaka (miv) **H.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Fitafiana fahagola **I.** Faran-teny – Nanao fanaratsiana (miv) **J.** Dadany – Mitempo **K.** Tsirin-teny Mpanao (miv) – Zaraina amin'ny antsy (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0407

**Mitsivalana**

**1.** Vaksiny - Ha (miv) **2.** Iny - Nalàna **3.** Nentoanao **4.** Amidy - Lao (miv) **5.** Ny - Taiza (miv) **6.** Tsidika - OM (miv) **7.** Anio (miv) - Baiko (miv) **8.** Vaovao - Ny **9.** VI - S.G **10.** Ilo - Mainty (miv)

**Mitsangana**

**A** Vinanto - Vy **B.** Mena (miv) - Sivil(y) **D.** Kininina **E.** Voadidy (miv) **F.** Inty **G.** Nao - Tsaoka (miv) **H.** Ilaozako **I.** Anay - Si **J.** Analamanga **K.** Hao - Toby

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo artista nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Faravohitra, momba ny olana ao amin'ny OMDA.**













